# ALAHADY 03 NOV 2019

**Hebreo 10 :35-36 ; 39 : « Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe. Fa tokony hanana faharetana hianareo mba hahazoanareo izay lazain' ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon' Andriamanitra. Fa isika tsy mba naman' izay mihemotra ho amin' ny fahaverezana, fa naman' izay mino ho amin' ny famonjena ny fanahy ».**

Ry havana ô, rehefa miteny ny Soratra Masina amintsika Fiangonana vory eto amin'izao maraina izao, dia manambara izy fa misokajy anankiroa isika Fiangonana. Ny sokajy anankiray, dia ireo izay hoe : mihemotra ho any amin'ny fahaverezana. Misy olona ato izany izao, kristiana izy, vita batisa izy, mpandray mihitsy izy angamba, fa lazaina hoe : amin'izao fotoana izao, mihemotra ho amin'ny fahaverezana. Ary ny sokajy anankiray indray, dia hoe : olona mino ho amin'ny famonjena ny Fanahy.

Ity epistily ho an'ny Hebreo ity dia ho an'ny Fiangonana hebreo satria hoe jiosy fiaviana ilay kristiana, izany no anaovana azy ho Hebreo. Ny hanamarihina an'izany, dia hoe kristiana, Fiangonana ry havana no iresahin'ny Apostoly eto, fa tsy jentilisa tsy mino an'Andriamanitra. Dia ato amintsika Fiangonana dia lazaina hoe misy sokajy anankiroa : eo izay hoe an-dalana ho any amin'ny fahaverezana ; amin'ny teny frantsay ilay fahaverezana : « ruine », « ruine spirituelle », « mort spirituelle ». Tsy misy olombelona izany, raha amin'ny fahavelomany eto an-tany, dia ho tratran'izany « ruine » izany. Fa misy amin'ny ara-panahy, olona mihemotra mankany amin'izany « ruine » izany ankehitriny. Dia misy olona kosa, ao anatin'ny finoana marina, ao anatin'ny finoana velona, ka miroso ho amin'ny famonjena tanteraka ry havana ô. Iza amin'ireo ianao ? Ilay fanontaniana izany dia izao, raha tsorina, dia hoe : **MANAO AHOANA NY TOETRANAO ?**

Rehefa avy eo, rehefa tafavory any an-trano ianareo,

tafaresaka amin’ny namana, ka anontaniana ianareo hoe : ianao angaha niangona tao Isotry Fitiavana taninkeo maraina, dia inona kay ny toriteny tao ? Dia lazao tsotra hoe : **MANAO AHOANA NY TOETRANAO ?** Izany ny resaka tao hoe : **MANAO AHOANA NY TOETRANAO ?**
Ny dikan’izany hoe : **MANAO AHOANA NY TOETRANAO ?** izany, dia hoe : **TOETRA-NA MINO HO VOAVONJY VE, SA TOETRA-NA OLONA IZAY HOE MANANA TITRE KRISTIANA NEFA HO VERY ANY AMIN’NY FAHAVEREZANA ? MANAO AHOANA NY TOETRANAO ?**

Misy fahamarinana 3 ry havana averin’ny Tompo amintsika ahazoantsika mandinin-tena marina hoe : manao ahoana ny toetrantsika e ? Ary raha toetra tsara, dia mahafaly an’Andriamanitra ; raha toetra ratsy dia tena hoe mahatezitra Azy, ary vao maika mahatonga Azy hiteny hoe : an an an, ianao dia alefako any amin’ny « ruine éternelle ». Andeha anie ho anareo izay manana Baiboly, vakiantsika ny **Hebreo 10 :19-21**, mijery ny contexte isika : *« Koa amin’ izany, ry rahalahy, satria manana fahatokiana hiditra ao amin’ ny fitoerana masina isika noho ny ran’ i Jesosy, amin’ izay lalana natokany ho antsika, dia lalana vaovao sady velona, namaky teo amin’ ny efitra lamba, dia ny nofony, sady manana Mpisorona lehibe mitandrina ny tranon’ Andriamanitra »*. Sarotsarotra hoy aho ilay Hebreo, fa izao ny fahamarinana 1 :
**<u>Fahamarinana 1</u> : MANANA TOETRA TIAN’ANDRIAMANITRA IANAO, RAHA FANTATRAO JESOA FA MPISORONABE**
Tao amin’ny fivavahana jiosy ry havana, tao ain’ny firafitry ny tempoly, plan-ny tempoly, dia misy toerana anankiray izay antsoina hoe: « ny masina indrindra », « le saint des saints » ; ary ao amin’io toerana masina indrindra io no hoe fitoeran’i Jehovah Andriamanitra. Ary tao amin’ny fivavahana jiosy, tsy misy afa-tsy ny mpisoronabe irery no afaka miditra ao amin’io masina indrindra misy an’Andriamanitra io. Ary ny mpisoronabe mahazo alalana hiditra ao, indray mandeha isa-taona.
Fa ny ampianarin’ny Soratra Masina antsika ry havana, dia Jesosy Krisy no tena mpisoronabe, ary ny rà nalatsany teo amin’ny hazo fijaliana io nofony nohomboana teo amin’ny hazo

fijaliana io, io no nahatonga an’ilay efitra lamba, ilay rideau ngeza be manakana an’ilay fidirana ao amin’ny fitoerana masina indrindra ho triatra. Manambara io rideau ngeza be triatra io, fa hoe : isika izay mino an’i Jesoa ho mpisoronabe, dia manana accès amin’Andriamanitra. Taloha tsisy nanana accès amin’Andriamanitra izany. Afaka manatona an’Andriamanitra noho i Jesoa Kristy mpisoronabe ry havana. Ary manatona an’Andriamanitra, tsy hoe mitoetra eo amin’ny fanatrehany fotsiny, zava-dehibe anie izany e, izany anie no maha-matimaty ny finoantsika e, tsy mitoetra eo amin’ny fanatrehan’Andriamanitra isika ry havana ; fa afaka manatona an’Andriamanitra, mitoetra eo amin’ny fanatrehany, ary eo isika no manarina, tsy miantso Azy hoe : Jehovah fotsiny isika, fa miantsoa Azy hoe : Jehovah Ray malala.
Nahafinaritra ry havana ny teny-na mpitoriteny izay, ho an’ny olona izay mino an’i Jesosy Kristy ho mpisoronabe, dia manatona an’Andriamanitra, mahatsiaro tena ho zanaka, ary manana « intimité filiale ». Rehefa tena mety ry havana ny fifandraisan’ny zanaka amin’ny rainy, na ny fifandraisan’ny ray amin’ny zanaka, dia ao izay intimité izay, ao izay fifankatiavana lalina izay, ao izay complicité izay, ao izay maha-mpinamana izay, sy ny tahak’izany, tena hoe akaiky e. Ao ilay intimité e. Ary ohatran’izany, fa maro ry havana ny olona mahay tsianjery ny « Rainay izay any an-danitra » hatramin’ny farany, fa tsy manana an’izay « intimité filiale » izay.
Ny hafatry ny Tompo voalohany ho anao ry havana izay te hanana toetra ankasitrahany, dia hoe : Fantaro fa mpisoronabe Jesosy, ary te hiditra an-tsehatra eo amin’ny fiainanao Izy. Sokafy midanadana ho azy ny fonao amin’izao maraina izao, avelao Izy hanjaka tanteraka ao am-ponao, avelao Izy handray an-tanana ny manontolonao ; ary rehefa raisiny an-tanana ny manontolonao, ampidirinao ao am-ponao Izy, ny fiainan’i Jesoa mihitsy no raisinao ry havana ô. Ary eo amin’ny fanatrehan’Andriamanitra ianao, ary mahatsiaro hoe tiana ianao, malalan’Andriamanitra ianao, be voninahitra ianao. Feno fifaliana ianao ary tena hoe courage ianao hiatrika ny fiainanao : ny fiainam-pinoana sy ny fiainana tsotra amin’ny maha-olombelona.

Manontany tena isika hoe : ankasitrahan'Andriamanitra ve ny toetrako ? Ankasitrahany ny toetrako raha ohatra aho ka mahafantatra an'i Jesoa ho mpisoronabe.
Hoy ny and.35 : « Koa aza manary ny fahasahianareo izay misy valiny lehibe ». Ilay olona voalohany teo izany, ilay hoy isika, miala tsiny amin'ilay teny frantsay, hoe manana « intimité filiale » amin'i Jehovah Andriamanitra, dia tenenina indray hoe : aza manary ny fahasahianao, olona sahy.

<u>Fahamarinana 2</u> **: MANANA TOETRA ANKASITRAHAN'ANDRIAMANITRA IANAO, RAHA MANANA TOETRA SAHY, TSY MANARY FAHASAHIANA**
Manana toetra sahy noho izay « intimité filiale » izay, ary koa noho ny Fanahy Masina izay nampitaovan'Andriamanitra azy ry havana ô. Manana fahasahiana, manana fahasahiana.
Misy ohatr'izany fahasahiana izany ao amin'ny Testamenta Vaovao, jerentsika ny Asan'ny Apostoly 4 : olona feno ny Fanahy Masina, Apostoly, rahonan'ny Sinedriona, rahonan'ny mpitondra ara-pivavahana, izany Sinedriona izany e, tsy hitory momba an'i Jesoa, tsy hampianatra momba an'i Jesoa ; **Asan'ny Apostoly 4 :18-19 :** *« Ary niantso azy izy ka nandrara azy tsy hiteny na hampianatra amin' ny anaran' i Jesosy intsony. Fa Petera sy Jaona kosa namaly azy ka nanao hoe: Tsaraonareo na marina eo imason' Andriamanitra, na tsia, ny hanaiky anareo mihoatra noho Andriamanitra »*. Izay ilay fahasahiana ry havana ô. Izay ilay fahsahiana : misy olona hoe mandrahona anao, misy olona mitady hampanao anao ny tsy rariny, mifanohitra amin'ny tenin'Andriamanitra : tsaraonareo e, raha marina eo anatrehan'Andriamanitra, raha manaiky anareo mihoatra noho Andriamanitra. Tsy mety izany, tsy mety izany. Izay ilay fahasahiana ry havana ô, nananan' ireto Apostoly ireto. Ary izay ilay fahasahiana andrasan'ny Raintsika izay noresahina teo amintsika zanaka ry havana.
Asa moa ianareo katekomena « misaina ny lanitra » ireo izao, raha hanana an'izany fahasahiana izany. Asa, isika malagasy tsy ilaozan'izay fianakaviana miteny hoe : « aza adino fa amin'ny… mandeha mamadika an'i dadabe sy nenibe an » : hanana fahasahiana ve ianareo ? Fa ny olona manana toetra tena

ankasitrahan'Andriamanitra tsy mamadika sy mikasika faty maina izany. Hanana fahasahiana miteny an'izany ve ianao ? Hanana fahasahiana ve ianareo, rehefa hirahina hitondra ny tômôbile Dada, ny tômôbile Neny any amin'ny visite technique, dia hoe inty leity ilay valopy kely fa tsy maintsy mametraka kely rehefa any an ! Hanana fahasahiana ve ianareo katekomena ireo hiteny hoe : « Dada, Neny, izaho tsy te hanana toetra hampalahelo an'Andriamanitra ». Hanana an'izany fahasahiana izany ve ianareo e ? Izany ilay finoana iainana ry havana ô. Izany ilay finoana iainana ry zandry malala ô. Izany ilay finoan'ny olona mandova ny lanitra ka tsy manao compromis amin'ny fomban'izao tontolo izao.
Ny zanak'Andriamanitra : manana fahasahiana, ary dia tenenina hoe : « aza manary an'izany fahasahiana izany ianao» ; ilay fahasahiana vokatry ny Fanahy Masina, vokatry ny fitiavana ny Ray, sy fantatrao fa miandany aminao ny Rainao : aza ariana iny e ! Aza ariana iny e ! Izay ilay lazain'ny and.35 : aza manary ny fahasahiana. Ahoana moa izany olona manary ny fahasahiana izany ? Tsy ampoizina ilay izy hoe manary fahasahiana. Ilay fahasahiana io izany, ato am-poko hoe feno fahasahiana ato am-poko ato. Izay ilay izy. Ahoana no anariako an'io fahasahiana io ? Andeha aho haka ohatra hoe : mitàna zavatra aho dia feno zavatra anankiray ny tanako. Dia raikitra amin'ny fitazomana an'iny zavatra anankiray iny ny tanako. Iny izany ilay fahasahiana mameno ny tanako. Izaho izany normalement, rehefa fenon'ny fahasahiana aho, dia tsy afaka manao na inona na inona ny tanako. Fa inona ny zavatra mitranga ? Kitihan'ny devoly aho, dia manana faharetana ny devoly, dia fomba 3 ry havana no hikitihany an'ilay tanako, ahazoan'ilay tanako misokatra ; ary rehefa misokatra io tanako io, mihazona an'ilay fahasahiana, dia manary an'ilay fahasahiana aho.
Ahoana no ataon'ny devoly ry havana ?
– Voalohany dia voalohany indrindra : rehefa hoe manota aho, manota ianao, dia tena hoe manamari-tena ianao, mizirizíry ianao, tsy laitra anarina ianao e. Izany hoe ao amin'ny fiainanao rehefa tontaliana, misy ota tsy ekenao, misy ota tsy

voavela. Iny ianao ry havana ô, manome irika ny devoly amin'ilay tananao mihazona an'ilay fahasahiana ao amin'ny fonao, dia manala an'ilay fahasahiana ianao.
– Fomba ampiasain'ny devoly koa ry havana, zavatra tsara : misy olona tsy manam-potoana ho an'Andriamanitra noho ny zavatra tsara : asa, fianarana, adidy. « Tena tsy tafangona aho Pasitera fa izaho tsy maintsy mamita iraka ohatran'izao ». Zavatra tsara ilay izy, raha jerena, fa ilay izy avy amin'ny devoly, satria fantatry ny devoly tsara fa reehfa asisika ao am-ponao iny, dia misokatra ny fonao, misokatra ilay tananao, dia votsitra ilay fahasahiana ry havana.
– Ary ny fomba farany ampiasain'ny devoly ry havana dia hoe : eo anatrehan'ny fahoriana, fizahan-toetra, fahavalo manenjika, ary indraindray ny ankohonanao no fahavalonao voalohany, dia hoe mamboly fanahiana ny devoly ry havana. Mamboly fanahiana izy, mamboly tahotra izy, mamboly doute izy ny amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ny amin'ny fahefan'Andriamanitra, ny amin'ny herin'Andriamanitra hi-maitriser zavatra ; dia manary an'ilay fahasahiana ianao.
Ry Fiangonana malala ô, ianao izay hoe manana « intimité filiale », tena hoe zanak'Andriamanitra, aza manary an'izany fahasahiana izany, hoy ny Soratra Masina. Aza manary an'izany fahasahiana izany fa misy valisoa lehibe izany fahasahiana izany. Ny valisoa ety an-tany, dia fiadanana ao am-ponao, « la paix du cœur » ; ary valisoa lehibe, mbola ety an-tany ihany, fieritreretana tsy misy fiapangana, « conscience tranquille ». Valisoa lehibe izany. Ary ny amin'ny any an-danitra, azonao antoka tanteraka fa manana fiainana mandrakizay ianao, izay sitrahinao ao amin'ilay trano amboarin'i Jesosy ho anao amin'izao 03 Novembre 2019 izao, ary hakany anao rahatrizay vonona.
Miteny aminao ny Tompo hoe : aza manary ny fahasahiana, izay misy valisoa lehibe.
Ny toetra fahatelo farany dia eo amin'ny and. 36 : « Fa tokony hanana faharetana hianareo mba hahazoanareo izay lazain' ny teny fikasana, rehefa vitanareo ny sitrapon' Andriamanitra ».
Ny toetra mahafinaritra an'Andriamanitra, ny toetra fahatelo,

dia olona mpamita ny sitrapon’Andriamanitra

**<u>Fahamarinana 3</u> : NY TOETRA MAHAFINARITRA AN’ANDRIAMANITRA DIA NY OLONA MPAMITA NY SITRAPON’ANDRIAMANITRA**

Olona mpamita ny sitrapon’Andriamanitra. Ahoana moa izany olona manao ka mamita ny sitrapon’Andriamanitra izany ? Olona, mifoha maraina izy izao, dia satria ataony laharam-pahamehana Andriamanitra, ny zavatra ataony voalohany indrindra, dia ny mihaona amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny vakiteny sy ny vavaka ry havana. Izany, izany ny olona hoe manome importance an’Andriamanitra. Dia ao amin’ilay vakiteny ao ianao, dia mamaky Baiboly eo ianao, dia tsy hoe aiza ny Mana isan’andro androany e, aiza ny Ilay voa tsara nafafy androany e, fa mangataka amin’ny Tompo ianao hoe : « omeo tari-dalana aho amin’ity journée-ko amin’ity 03 Novembre ity, Ray malala ô, ary ianao no efa mi-programmé ny journée-ko androany 03 Novembre ; isan’ora isan’ora, isa-minitra, efa voasoratrao ao amin’ny bokinao any an-danitra, ka omeo tari-dalana aho ahaizako mamaky an’izany tahaka ny zanaka ». Izay ilay izy ry havana. Dia mandeha ianao, mandeha mivoaka ny trano, dia eny am-pandehanana eny, eny ambony taxibe sy ny karazany eny ianao, mieritreritra ny journée-nao, manao fikasana ianao, tonga any am-piasana ianao, anya m-pianarana ianao, miantsena ianao, dia misy zavatra ataonao ; ny olona manao ny sitrapon’Andriamanitra ry havana ô, dia faran’izay tsotra : ny zavatra rehetra eritreretinao sy saininao, ny zavatra rehetra kasainao, ny zavatra rehetra tanterahinao ve dia araka ny sitrapon’Andriamanitra ? Araka ny sitrapon’Andriamanitra ve ? Ary izay no lasin-tsaina tokony hananantsika, izany fahazarana tsara volena. Ny Tompo tsy miteny aminao hoe masina ve ianao, mendrika ve ianao, sy ny karazany ? Fa hoe refesinao, ary mifaka amin’ny tenin’Andriamanitra ve, ahafantaranao ny sitrapon’Andriamanitra izay rehetra ataonao isan’andro, isan’ora, isa-minitra ? Izany ny toetra ankasitrahan’Andriamanitra, izany ny toetran’ny olona mino, ka hoe manantena ny famonjena sy ny fiainana mandrakizay ry havana ô. Voleo izay, concrètement, voleo izay. Fa raha indray

mandeha isaky ny Alahady ihany ianao no mitady ny sitrapon'Andriamanitra, hoe amin'ilay litorjia hoe hihaino ny sitrapon'Andriamanitra isika, atahorako izany ry havana, tsy toetran'ny olona hiditra any an-danitra izany.
Ary dia ianao io anie omena teny fampanantenana e, hoe rehefa vitanao hoy izy ny sitrapon'Andriamanitra, dia hoe hahazo ianao izay lazain'ny teny fikasana. Hahazo ianao, hahazo vaim-bavaka ianao. Ary izay no probleman'ny olona ry havana : mivavaka izy, fa tsy mahazo valim-bavaka, dia antony iray, tsy mamaky tenin'Andriamanitra aloa izy ; toy ny miteny ny Soratra Masina hoe: ianao anie raha hivavaka e, nefa tsy namaky tenin'Andriamanitra, mety tsy ankasitrahan'Andriamanitra ilay vavakao ry havana, satria tsy miorina amin'ny teniny, tsy miorina amin'ny sitrapony. Fa hoe : vitao ny sitrapon'Andriamanitra, dia andraso ny valim-bavaka. Andraso ny valim-bavaka, satri io teny omeny anao isan'andro io, ianareo indray ve no ampianarina an'izany, lazain'ny mpandinika hoe misy 365 promesses, misy teny fikasana 365 izany hoe 1 isan'andro raketin'ity Baiboly ity. Fa ianao tsy hahazo valim-bavaka amin'izany promesse izany ry havana ô, raha tsy hoe vitanao aloa ny sitrapon'Andriamanitra.
Vitao ny sitrapon'Andriamanitra, andraso ny valim-bavaka, ary hoy ny and.36 hoe andraso amin'ny faharetana. Andraso amin'ny faharetana izany valim-bavaka izany. Andraso amin'ny faharetana, izay no maha-sarotra kely azy ; andrasana amin'ny faharetana ilay izy ; tsy maintsy ho avy ilay izy, fa andrasana amin'ny faharetana satria Andriamanitra tsy miteny hoe hamaly anao Aho afaka 1minitra, hamaly anao Aho afaka adiny 1, hamaly anao Aho afaka 1 volana, hamaly anao Aho afaka herintaona. Efa am-polo taona maro Abrahama no niandry valim-bavaka ka nanan-janaka ; am-polo taona maro, 120 taona i Noa vaonahazo valim-bavaka, vao avy ny orana ; ary 120 taony izy niandry an'izay valim-bavaka izay nanamboarany ilay sambo fiara. Izay no itenenana hoe : mianara manana faharetana ry havana ô. Izay izany ilay toetra fahatelo, hoe : vitao ny sitrapon'Andriamanitra, mivavaha, dia miandrasa valim-bavaka mikasa izay teny fampanantenana omen'Andriamanitra anao

manokana teo amin'izay fihaonanao taminy, ary andraso amin'ny faharetana izany fa tsy maintsy ho avy izany valim-bavaka izany.

Faranana ry havana izao teny izao, faranana izao teny izao : zavatra volamena izany mahafantatra hoe proposén'Andriamanitra anao ilay « intimité filiale » ; zavatra volamena izany hoe omena valisoa lehibe izany ianao ety an-tany, dia fiadanana ao am-po, eritreritra milamina, satria tsy manary fahasahiana ianao, manana faahsahiana ianao. Zava-dehibe izany hoe hahazo valim-bavaka izany ianao e, na ho ela na ho haingana e, satria mamita ny sitrapon'Andriamanitra. Fa izao : ianao, araka izay notenenina tany am-boalohany, nandray an'i Jesoa Kristy ho Mpisoronabe, ka nampandroso Azy tao amin'ny fonao, zaavtra iray no angatahina anao eto am-pamaranana : mahavara mivavaka, mahavara mivavaka. Andeha anie jerentsika ny **Salamo 37 :5 ; 7a** : *« Ankino amin' i Jehovah ny làlanao, ary matokia Azy, fa hataony tanteraka. Miantombena tsara miandry an' i Jehovah hianao ka manantenà Azy ».* Isika mianatra tenin'Andriamanitra, fa tsy ampy vavaka ry havana ô. Miteny aminao ny Tompo androany ary e : Ankino Aminy ny làlanao, ankino Aminy ny làlanao ; ankino Aminy ny làlanao rehetra, ny fikasanao rehetra, ankino Aminy. Izay no zavatra hanafarana antsika ; apetraho Aminy, recommandé-o Azy ; izay ilay teny frantsay. Ankino Aminy. Fa izao : ny fanakinana làlana amin'i Jehovah ry havana, Jehovah Ray, indray mandeha ihany no ataonao. Raha miteny ianao hoe : Jesoa a, ankiniko aminao io fanambadiako io fa ohatrany misy zavatra manahirana, efa nankininao izay ilay izy, une fois pour toute e. Fa raha rahampitso ianao mbola mivavaka hoe ankinoko io an, tsy tena mbola nanankina ianao izay, tsy mbola tena nanankina ianao izay. Fa ny olona tena nanankina, eo amin'ilay and.7 hoe: « Miantombena tsara miandry ». Izay. Azonareo ve ilay izy ry havana ? Ankinina voalohany, ary ankinina indray mandeha ; ohatra aho izao androany 03 Novembre misy sujet mamesatra ahy : ankiniko Aminy androany 03 Novembre. Dia rahampitso 04 Novembre aho miantombona, miandry, dia manantena ; Talata aho miandry, Alarobia aho miandry ;

araka ny teny teo : manana faharetana aho miandry.
Ry havana ô, ho tahin'ny Tompo izao teny izao hitondra vokatra eo aminareo izay mihaino Azy an-kitsim-po sy amin'ny finoana, hitondra fanovàna, ka hoe hanana toetra tena hahafaly an'Andriamanitra ianareo, ho fahasambaranareo sy ho voninahitr'Andriamanitra Raintsika. Ho aminareo ny fahasoavan'ny Tompo. Amena.